# ASSOCIÉS PRETRA FIKAMBANAN'NY SOEURS DU CHRIST

# MADAGASIKARA - 06 HARAMIN'NY 09/09/2021

Nanatanteraka ny fivoriany voalohany ny associés pretra ny 6 hatramin'ny 9 septambra 2021, tao amin'ny Providence Antsirabe.



« *Mitandrina* » (Lalàmp., n°11) et « *Mibanjina* » (lalàmp., n°57), ireo no toetra roa fototra mampiavaka io sampan'ny Fikambanan'ny Sœurs du Christ io.

Ireo hatsarana fototra 2 ireo no vokatry ny fifampizarana sy fifanakalozana ary fandalinana ny lalàm-pikambanana mandritra ny fotoana lava nataon'ny mpandray anjara dimy (masera Hélène, masera Georgine, Mompera Marc, Mompera Eric, Mompera Marc Emilien) nandritra ity fivoriana voalohany ity.



Ny fehezan-teny fanilo na tarigetra ho an'io sampana io dia notsongaina tamin'ny lalàm-pikambanana laharana faha- 12:

*« Ny asam-panirahana dia mitantana antsika isan'andro hanao ny an-dram-piainan'Andriamanitra Mpahary sy Mpanafaka amin'izay misy antsika. »*

Samy resy lahatra ny mpandray anjara rehetra fa ny fiombonan'ny fiainana na ny firaisana amin'i Krsity, fototra sy Mpamorona ny maha iray (*Ga* 2,20, Lalàmpk n°57) ary ny asam-panirahana mahay mankasitraka, mandray, manaja, maneho fitiavana dia maika sy mahakasika ny aina. Mamaritra ihany koa ny maha- isika antsika sy ny fiainantsika izany.

.



Tamin'ny fetin'ny fahaterahan'i Masina Maria, ny 8 septambra, masera Marianne, lehibe Provinsialy niaraka tamin'i masera Albertine, tonga nanondraka sy nankahery ilay « zavamaniry vaovao » . Tamin'io fotoana io izy mirahavavy nanamafy ny teboka ivon'ny fiainam-panahin'ny Sœurs du Christ. Izany hoe « *Mibanjina an'i Kristy ao amin'ny Mistery manontolo, Izy izay fototra sy mpanorina ny maha iray ».*

Niainga tamin'izany dia nasaina izahay hijoro ho vavolombelona toy ireo apostoly : « Izay hitan'ny masonay, ren'ny sofinay no ambaranay anareo » (1 *Jn* 1,3). Raha lazaina amin'ny fomba hafa dia ny hoe «pretra Associés » dia vavolombelon 'ny « traikefany amin'Andriamanitra » (Lalàmpk., n°57), fiombonam-piainany na firaisany amin'i Kristy.

Ny eokarisita dia singa iray iorenanan'ny fiainam-panahin'ny pretra Associés amin'ny « Misterin'ny Fanekem-pihavanana, fifanakalozana sy fifampizarana, famantarana sy lalivay amin'ny maha iray », Manolo-tena ho antsika I Kristy (Lalàmpk., n°59).

Ireo mpandray anjara mavitrika dimy dia niditra tamin'ny fiainan'ny akohonam-piainanan-dry masera Providence Antsirabe tamin'ny fankalazana ny eokaristia maraina, ny vavaka hariva narahan'ny gitara sy lokanga ary tsy hadino ny sakafo intelo isan'andro.



Hamaranana azy dia nanoso-kevitra ireo mpandray anjara mba :

- havoaka amin'ny tranokalan'ny Fikambanan'ny Sœurs du Christ ity tatitra ity
- Homena ihany koa ireo tsy afaka tonga
- mifanome fotoana ho an'ny fihaonana manaraka amin'ny havalonandron'ny Paka 2022, eto amin'ny Providence d'Antsirabe

*Antsirabe, faha 10 septambra 2021*

***Masera Hélène,***

***Mpiandraikitra -Mpanentana,***

***Masera Georgine,***

***Mpiandraikitra,***

***Mompera Marc Ravelonantoandro,***

***Talen'ny Oniveriste Katolikan'i Madagasikara, mpitan-tsoratry ny diosezy Antananarivo***

***Mompera Eric François Ravolarison,***

***Tompom-paritany Paroasy Md Paoly, Tamatave, Diosezy Tamatave***

***Mompera Marc Emilien Ramiandrisoa,***

***Mpiandraikitra Distrikan'i Faliarivo Ampitatafika, Diosezin'Antananarivo***

